


ALAHADY FAHA-14 MANDAVANTAONA - TAONA B



« NA OSA AZA ISIKA EO I KRISTY HO HERINTSIKA... »

Ry Kristianina havana mitohy hatrany ny dia na dia eo aza ny ady amin'ity KORONTANAVIRUS ity izay mitady hanapotika hatrany ny fiainantsika manontolo. Krizy maro lafy, hoy isika, fa tsy krizy ara-pahasalamana fotsiny.

Raha ny Evanjely tamin'ny Alahady lasa teo no jerena dia maro ireo olona natoky sy nino an'i Jesoa ho Andriamanitra, ka nahazo fanasitranana sy ny fahasoavana tamin'ny fanahy amam-batana. Matokisa hatrany isika fa na dia mila ho rendrika aza isika « na osa sy malemy aza isika fa raha eo anivontsika i Jesoa dia izy no herintsika ». Izany no fotokevitra amin'izao Alahady faha 14 mandavantaona izao.

Matetika diso fomba fijery isika. Matetika tokoa isika fa isika no mila an'Andriamanitra fa indrindra rehefa tojo fahasahiranana. Raha ny marina Andriamanitra no mila antsika. Izany hoe mila antsika mino azy lzy mba ahafahana manatantanteraka amin'ny

alalantsika ny sitrapony ary tokana ny sitrapony dia isika ho voavonjy, ho sambatra. Izany ihany koa ny dikan'ny fivavahana. Raha ny tena marina mivavaka isika satria ilain'Andriamanitra hatoky Azy ka ahafahany miasa amin'ny alalantsika. Ny hampahfantatra an'izany no nahatongavan'i Jesoa

Vakiteny I : Ezzkiela 2, 2-5

Tononkira : Salamo 122

Vakiteny II : 2 Kôr. 12, 7-10

Evanjely : Mk. 6, 1-6

teto an-tany, nahatonga azy olombelona. Mila finoana avy amin'ny olombelona i Jesoa ahafahany manasoa manatsara antsika. Raha tадidintsika isaky ny misy famantarana sy fahagagana ataon'i Jesoa dia manampy mandrakariva Izy : « ny finoana no nahavoavonjy anao ». Izany raha fintinina ny fampianarana tamin'ny Alahady faha-13 mandavantaona teo. Naverintsika eto satria tena misy akony lehibe amintsika miatrika an'ity KRONTANAVIRUS ity ary indrindra maniry hanao départ vaovao isika. Maniry Pantekoty vaovao. Izao indrindra no tsy maitsy HAMOHAZANA NY FINOANA, HAMELOMBELOMANA NY FINOANA mba hiasan'ny FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA amintsika ka tsy isika tokoa fa ny fahsoavan'Andriamanitra miaraka amintsika no entintsika miroso amin'izao dingana-vaovao « après covid 19 », araka ny averintsika matetika dia misy ny « avant covid 19 », misy ny « pendant Covid 19 dia izao KORONTANAVIRUS izao, ary ny « parès covid 19 » izay irintsika ho départ vaovao, ho Pantekoty vaovao..

Tsara ny manamarika fa izao Alahady faha-14 mandavantaona izao no alahady

voalohany amin'ny volana Jolay. Miditra Fanjava vaovao isika. Fanjava saserotaly fanjava hirosoantsika amin'ny Fanamasinana. Matetika isika no milaza fa tsy misy ny kisendrasendra fa asehon'Andriamanitra ny sitrany izany hoe tiany amin'ny alalan'izao fanamasinana izao ilay Pantekoty vaovao eto amin'ny diosezy. Entintsika am-bavaka izany rehetra izany ary indrindra ity fanjava saserotaly izay hametrahana ny dinika hirosoana amin'ny Sinaody. Mbola misy fotoana hiresahantsika mikasika ny sinaody fa ny loharano sy fototra dia ny vavaka ka ataontsika totoafy ny vavaka manomboka amin'izao mba ho « senakla » tokoa izao sinaody izao.

Tsara ny manamarika fa ny vakiteny 3 aroson'ny Eglizy amin'izao Alahady faha-14 izao dia manorisoritra izany rehetra voalazantsika izany.

Ny vakiteny voalohany Bokin'ny Ezekiela efa manambara izay hitranga amin'i Jesoa amin'ny Evanjely izany hoe ny mitranga ho an'izay manara-dia an'i Jesoa : « Indro ianao irahiko ho any amin'ny zanak'Israely ». Tsara ny mahafantatra fohifohy ny tantaran'i Ezekiela. Mpaminany tsy nohenoin'ireo izay nanirahan'Andriamanitra i Ezekiela. Misy ifandraisany amin'ny Evanjely satria araka ny rentsika dia maro ny olona tsy nihaino an'i Jesoa. I Ezekiela dia mpisoron'i Jerosalema, niaraka tamin'ireo voasesitany tany Babilona taorian'ny faharesen'ny vahoaka Israely tamin'ny taona 597 talohan'i Jesoa Kristy. Voasesitany sy niaranijaly tamin'ny vahoaka tany i Ezekiela. Tsy afenina fa mafy mitady hitovy amin'ny sesitany ny confinement mihatra amintsika. Toa efa kivy sy toa tsy nanana fanantenana intsony ny vahoaka tamin'izay. Isika koa noho ny confinement. Ny anton'ny fanaovana sesitany dia ny fahotana sy ny fivadihan'ny vahoaka tamin'Andriamanitra. Eto indrindra ary no miantso an'i Ezekiela ny Tompo: tsy ho mpisorona fa ho mpaminany ho mpitondra ny Teniny, hankahery ny vahoaka. Efa matetika no averimberintsika io dikan'ny atao « mpaminany » io. Nomen'Andriamanitra ny Fanahy i Ezekiela. Torak'izany koa izay vita batemy ary ireo hohamasinana ho avy izao. Tsara ho henontsika indray izay nilazan'Andriamanitra tamin'i Ezekiela : *Indro ianao irahiko ho any amin'ny zanak'Israely, vahoaka mpihodina, efa nanota tamiko mandrak'androany*. Izany toe-javatra sarotra sy mafy izany indrindra no anirahana an'i Ezekiela. Tsy tany malemy hanorenam-pangady ny finoana hoy isika. Ny fiainana mahapretra tsy tany malemy hanorem-pangady fa tany lonaka hiasan'ny Fahasoavan'Andriamanitra mba hamokatra. Ny asan'ny Mpaminany tokoa dia ny mampita ny hafatr'Andriamanitra: hampianatra sy hananatra. Efa lazain'Andriamanitra mialoha sahady anefa fa : *Na hihaino izy ireo na tsy hihaino, fa taranaka mpiodina izy dia hahalala fa misy Mpaminany eo aminy*. Zava-dehibe tokoa ny fisian'ny Mpaminany eo anivon'ny vahoaka, marika ilazana fa eo anivony Andriamanitra, tsy misaraka aminy, tsy reraka ny manolotra sy manome hatrany ny famonjena, na dia teo aza ny fahotana sy ny fivadihan'ny vahoaka. Tian'Andriamanitra ny hahavonjy ny vahoakany dia isika. Mila fihavaozana, mila fiovampentitra mahery vaika mba ho haninteraka ny fiainana ny hafatra avy amin'Andriamanitra. Izany ihany koa no andrasana amin'ireo hohamasinana fa indrindra miandranda Pantekoty vaovaontsika.

Raha ny Evanjely niany kosa no dinihina dia asehony miharihary ny fon'ny olona mihidy, tsy vonona handray an'i Jesoa ary nampalahelo an'i Jesoa satria tany amin'ny tany nahabe azy. Io no manamporofo ary anatra lehibe ho antsika. Raha ny mason'izao tontolo izao no entintsika miatrika an'i Jesoa dia tsy hifanojo amin'i Jesoa Zanak'Andriamanitra izany hoe mila manana masom-pinoana isika. Mila manana sofim-pinoana afaka hihaino ny hafatr'Andriamanitra. Shema Israely, Mihainoa Israely dia manambara finoana. Andeha hojerentsika ny fizotry ny tantara ao amin'ny Evanjely

Niaraka tamin'ny mpianany i Jesoa, ary rehefa sabata ny andro, dia nampianatra tao

amin'ny Sinagoga, ka maro tamin'izay nihaino Azy no gaga tamin'ny fampianarany ka nanao hoe: « Taiza no nahazoan'izy io izany rehetra izany? Fahendrena manao ahoana izao nomena Azy izao, ary ahoana no ahefàn'ny tanany izany asa lehibe izany? Moa tsy io va ilay mpandrafitra, zanak'i Maria, rahalahin'i Jakoba sy i Josefa ary i Joda sy i Simona? Moa tsy aty amintsika va ny anabaviny? Dia tafintohina izy ireo.

Na izany aza be tamin'izay nihaino Azy no gaga tamin'ny fampianarany. Io ihany koa ny mahavariana ireo olontsotra no vonona mihaino dia mandray an'i Jesoa. Ny olana dia betsaka ny tsy mihaino ary raha misy tena olana amin'izao sivilizasiona izao dia tsy fahaizana mihaino nefo tena maro ny « écouteur » hita amin'ny sofina ... Raha tena marina mihaino ny tena isika amin'izao taonjato faha 21 izao ka tsy mifampihaino intsony ka mifanalavitra toa izay mifampihaino na mpianakavy aza. Hitantsika ny vokany...

Sabata ny andro araka ny voalazan'ny Mpanoratra. Nampianatra i Jesoa. Tsy notanterin'i Md Marka eto anefa ny votoatin'ny fampianarany. I Md Lioka no nilaza tao amin'ny Evanjely nosoratany fa nampianatra momba ny Tenany sy nilaza ireo fampanantenan'Andriamanitra ny mikasika Azy Izy: Ato *amiko ny Fanahin'ny Tompo nirahina history ny vaovao mahafaly amin'ny malahelo androany no efa tanteraka eo aminny sofinareo izany Soratra izany*. Gaga sy talanjona ny maro tamin'ireo nihaino ny fampianarany, kanefa toa njery sy nihevitra an'i Jesoa amin'ny maha-olona Azy fotsiny ihany. Tsapan'izy ireo anefa fa toa manana fahendrena tsy takapolopolorina, izay tsy avy Aminy fa nomena Azy Izy, nanao famantarana maro sy asa lehibe ihany koa i Jesoa. Iza no fototr'izao, hoy ireo avy aiza no niaviany? Tsapan'ireo izay nihaino Azy tokoa fa zavatra mahatalanjona sy mahagaga ny nataon'i Jesoa kanefa tsv hitan'izy ireo izay hanazavana an'izany satria mason'izao tontolo izao no jeren'izay rehetra mikasika an'i Jesoa. Milaza ho mahafantatra an'i Jesoa izy ireo nefo ny marina tsy mahalala satria nijanona eo ivelany fa tsy tafiditra anatiny. Izany hoe tsy nanao dingana amin'ny finoana. Tsy mila an'i Jesoa izy ireo satria noheverin'izy ho olombelona toy ny hafa rehetra, mpiara-monina sv mpiray tanàna aminy ary fantany tsara ny fianakaviana niaviany.

Misy fampianarana azontsika sintonina eto. Tsy inona fa ny fiheveran'izay ireo tena mihevitra mahalala an'i Jesoa satria mpiray tanana no zary sakana sy nahatonga azy ireo ho tafintohinana. Inona tokoa no matetika rentsika. Vita batemy, vita kofirmasio, vita raha jiaby ... ka matetika feno fahalalana ivelany ka tsy miroso amin'ny fivavahana intsony.... Misy aza sahy milaza fa efa mpiservin'i Pretra ranona, Eveka ranona... kilasimadry nandritra ny fotoana maro ka efa be ny vita ??? ka tsy mila mandeha mivavaka intsony...

Izany rehetra izany no mahatonga antsika milaza fa mananatra antsika ny zavamisy, ity KORONTANAVIRUS ity mba tsy hijery sy hihaino araka ny maso sy sofin'izao tontolo fa mila fiovam-penitra mahery vaika ka hanao dingana vaovao. Izay no irintsika amin'izao sinaody izao hamoha ny finoana ka hametraka an'i Jesoa eo anivon'ny fiainantsika.

Io no fomba fijeren'ny olona matetika. Variana mijery ety ivelany, maka am-bolony fotsiny ihany. Tsy latsa-paka ny katesizy sy fandalinam-pinoana ka mora rava. Inona no miseho any andafy amin'izao ? Hitantsika ny voka-dratsin'io fomba fijery io rehefa tonga ity rivotry ny KORONTANAVIRUS ity, maro ny zavatra potika. Matetika tena sarotra ho an'ireo olona mijanona amin'ny fomba fijery ety ivelany ny mino fa i Jesoa tokoa no lalana, fahamarinana ary fiainana ka Izy tokoa no Ilay Zanak'Andriamanitra mandrafitra ny fiainana.. Ato amin'ity Evanjely nohenoina androany ity i Md Marka dia tsy nilaza toerana, fa nilaza tsotra fotsiny hoe: *nankany amin'ny tany nahabe Azy*. Hita taratra tamin'izany fotoana izany ny fandavana na ny tsy faneken'ireo Jody iray tanindrazana taminy, tsy hoe ny tao Nazareta fotsiny ihany fa mety ny tanàna manodidina azy ihany koa. Mampieritreritra izany rehetra

izany raha mampitaha amin'izao vanim-potoana izao isika. Voahilikilika ny finoana nefà mandrora mitsilany isika raha manao izany.

Zavatra mety ho mpahazo antsika kristianina ny zava-nitranga tamin'ny andron'i Jesoa: fitsaratsaràna foana ety ivelany, tsy fandraisana ny namana, fialonana raha toa ka lasalasa kely eo amin'ny fiainana, fanomezana anaram-bositra, fanaratsiana, fanarabiana. Maro no efa nanaiky an'i Jesoa ho Tompo sy Andriamanitra, fa maro koa ireo mbola tsy mety mandray Azy satria mbola ao anatin'ny haizina na koa na dia mahafantatra aza tsy vonona hanao dingana na koa noho ny henamaso dia mavozo.. Hiezaka àry isika mianakavy mba tsy hitsaratsara foana na hanambany ny hafa ka hilaza hoe : *inona koa izay io? lanao ve no mba miana-kendry na hampianatra anay?* Eo anivontsika i Jesoa, miaraka amintsika Izy. Misy endrik'i Jesoa ao amin'ny namana, ao amin'ny olona rehetra izay mifanena amintsika ; asa raha toa ka mba henointsika sy raisintsika tsara izy ireny, sao dia atositosika sy tsy hajaina ? Izany no mahatonga ny Papa ao amin'ny Antsiklika mananatra fa aoka « hampijoro politika lavorary raha te ho voavonjy ». Izany hoe politika fahafoizana sy fanompoana ary ny fahamarinana hitondra amin'ny fifampitsimbina sy fifanasoavana ao anatin'ny fikatsahana ny soa iombonana.

Nasongadin'i Jesoa ny toetr'ireo olona tamin'izay ary indrindra mbola toetrantsika. Gaga i Jesoa noho ny tsy finoan'izy ireo. Mahavariana ihany koa ny zava-misy amin'izao. Efa asehon'Andriamanitra amintsika ny sitrapony nefà isika tsy miroso. Izany no mahatonga antsika miroso amin'ny Sinaody. Izany hoe eo anatrehan'ireo zava-misy maro mamatoatra antsika eo anivon'ny fiainantsika amin'ny lafin'ny rehetra dia HIARA-DIA ISIKA EOV, HIARA-HIFAMPIDINIKA ISIKA HO EOV mba ho Eglisy Olona Velona, HIARA-HIVAVAKA MBA HANOVA HERY hahatonga antsika ho EOV MISIONERA, HIARA-HIROSO KA ZARY TABERNAKLA VELONA.... Hahatonga antsika ho fahazavana sy fanasina... ho Kristy Mpia-belona amin'ny olona.

Teo anatrehan'ny tsy finoan'ireo mpiray tanindrazana aminy dia hoy i Jesoa hoe: *Tsy misy mpaminany tsy heni-kaja afa-tsy amin'ny taniny sy amin'ny fianakaviany ary amin'ny havany ihany.* Toa milaza tena ho mpaminany i Jesoa eto mamerina io fomba fiteny io, kanefa raha ny tena marina dia tsy mpaminany fotsiny i Jesoa fa Andriamanitra mihitsy. Noho ny tsy finoan'ireo olona nihaino azy dia tsy nahazo nanao fahagagana Izy, fa marary vitsivitsy monja no nositraniny tamin'ny fametrahan-tanana, hoy ny Evanjely. Tamin'ny voalohany dia ireo olona nihaino an'i Jesoa no gaga tamin'ny fampianarana ny asa mahagaga nataony, amin'ny farany dia i Jesoa indray no gaga noho ny tsy finoan'izy ireo. Na dia teo aza izany rehetra izany dia nanohy ny asa fitoriana i Jesoa sy ny mpianany nitety ny vohitra manodidina.

Fampianarana ho antsika ihany koa izany. Tsy mampiverin-dalana ny fahasotana satria anjaram-piainan'ny mpaminany izany. Henontsika ny tantaran'i Ezekiela amin'ny vakiteny voalohany. Na mafy aza na dia osa isika i Kristy no herintsika. Ho an'ny mpaminany dia ny Fanahy Masina ao anatiny no manosika azy hitory hatraiza hatraiza, na manao ahoana na manao ahoana ny fahasotana: Ny afom-pitiavan'ny Fanahy Masina no entiny ary zarainy amin'ny hafa. Inona no fampianarana azontsika asongadina avy amin'izany raha mandinika ny zavamisy iainantsika amin'izao. Ny Eglisy izany hoe isaky vita batemy tsiraikiraiky no Mpaminany amin'izao. Vita batemy isika ka irahin'Andriamanitra hanambara ny sitrany eo anivon'izao tontolo izao. Raha ny marina mila antsika Andriamanitra hanehoany ny famonjeny eo anivon'izao tontolo. Matetika diso fomba fijery isika. Mihevitra isika fa isika no mila an'Andriamanitra raha ny marina Andriamanitra no mila antsika. Raha mino isika, raha velona ny finoantsika dia manambara fa Andriamanitra miasa amintsika ka na dia eo aza

ny olam-piainana fa indrindra olana entin'ity KORONTANAVIRUS ity dia miasa ny fahasoavana. Tsy isika tokoa fa ny fahasoavana miaraka amintsika. Io indrindra no fampianarana tian'i Md Paoly ampitaina amintsika amin'ny vakiteny faharoa : Ampy ho anao ny fahasoavako.

Mitantara ny fampijaliana sy ny fanenjehana nanjo azy sy ny hakiviana maro samihafa nihatra taminy, intelo izy araka ny nambarany no efa nangataka tamin'ny Tompo ny hiala kanefa nankaherezin'Andriamanitra: *Ampy ho anao ny fahasoavako, sady amin'ny fahalemena indrindra no iamparan'ny heriko.* Raha ny herin'ny tena fotsiny ihany tokoa dia mora kivy ny mpitory, eo anefa ny fahasoavan'Andriamanitra manampy, miasa, mankahery, ka dia miroso hatrany ny dia. Eto, hoy i Md Paoly, dia mampirehareha mihitsy ny fahalemena satria amin'izay indrindra no hisehoan'ny herin'Andriamanitra. Tsapa tokoa izany fa asan'Andriamanitra ny asa fitoriana. Asan'Andriamanitra ny asa maha-mpaminany. Asan'Andriamanitra ny asan'ny EOV MISIONERA. Izany no mahatonga antsika milaza hoe « raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra no manao ny asantsika ». Ary lavorary satria lavorary Andriamanitra. Matoa tsy mandeha tsara ny asantsika dia satria tsy manao ny asan'Andriamanitra isika. Raha toa ka mahavita be kosa isika dia aoka ho tsy maintsy tsaroana hatrany fa Andriamanitra, izay vokatry ny asa nataony, ka tsy tokony hirehareha isika. Araka ny voalazan'i Md Paoly : *izay mirehareha dia aoka ny Tompo no ho reharehany.* Md Paoly ihany koa no efa nilaza hoe: ny *fahasoavan'Andriamanitra no na ha toy izao ahy.* Ary hoy ny devisintsika : « tsy isika fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika... »

Afaka milaza toa an'i Md Paoly ary isika eo anatrehan'ny fahasaratana sy ny fanenjehana maro samihafa, handre ao anatintsika ny tenin'ny Tompo manao hoe: Ampy ho anao ny fahasoavako sady amin'ny fahalemena indrindra no iamparan'ny heriko. Koa vao mainka sitrako aza ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko. Izany no ifaliako amin'ny fahalemeko, amin'ny fanalam-baraka, amin'ny fahaterena, amin'ny fanenjehana, amin'ny fahantrana, noho ny amin'i Kristy, satria ny fahalemeko no heriko.

Ao anatin'ny fiatrehana ny fiomanana mikasika ny fanamasinana isika no mitandregny izany tenin'Andriamanitra izany amin'izao fanjava saserotaly izao. Azo lazaina fa tena kihon-dalana ho antsika izao fanjava sacerdotaly izao. Nouveau départ ho antsika. Pantekoty vaovao. Izany fanirantsika izany no manosika antsika hiroso amin'izao Sinaody izao hahatonga antsika ho vahoakan'Andriamanitra Mpaminany. Mety tsy mbola mazava amintsika tsara tahaka ny nahatonga ny olona tsy nandray an'i Jesoa. Mila fohazina ny finoantsika ahafahantsika mahita sy mahalala an'i Jesoa. Rehefa miova isika ka zary Eglisy Olona Velona Misionera manorina ny Eglisy Fianakaviamben'Andriamanitra Fratelli Tutti Olo, Araiky miaraka mivavaka, mandalina ny finoana, miaro ny tontolo iainana, mifampitsimbina, mifanasoa, manompo ka mandray an-tanana ny Eglisy.

Ry Jesoa Tompo ampitomboy ny finoana ahafahanay miroso lalindalina kokoa. Masina Maria Ianao tokoa no Misionera Voalohany, Ianao no Tabernakla Velona, Reny ianao ka tsy misy miafina aminao izao fiainanay izao. Kolokoloy izahay zanakao fa indrindra amin'izao firosoanay amin'ny sinaody izao. Tariho izahay ho any amin'i Mb Elisabeta maro ka na dia mideza sy sarotra aza ny lalana, dia ho tody soa izahay amin'izao sinaody . Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglisy Erantany ianao. Marefo ny fiainana ka mila Baba mitarika sy mpiaro izahay. Tahaka ny niarovanao ny Fianakaviana Masina no aoka hitantananao anay, Baba, amin'izao sinaody izao.

Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson